# Ilay Voa Tsara Nafafy 25 Mey 2018

**25** **Zoma**
mey

**Andriamanitra nahary ny olona tahaka ny endriny ; tahaka ny endrik'Andriamanitra no namoronany azy ; lahy sy vavy no namoronany azy. Ary Andriamanitra nitsodrano azy hoe : Maroa fara sy mihabetsaha ary mamenoa ny tany, ka mampanompoa azy ; ary manjakà amin'ny hazandrano ao amin'ny ranomasina sy ny voromanidina ary ny biby rehetra izay mihetsiketsika ambonin'ny tany.** Genesisy 1. 27-28

**Ny fanambadiana (1) :**
**„fanomezana" avy amin'Ilay Mpahary**

Te hiresaka eto momba ny fanambadiana izahay, araka ny fijerin'ny Baiboly io lohahevitra io, izay iadian-kevitra matetika. Aoka hotsarovana fa ny mpanoratra ny Baiboly dia tsy iza fa Ilay Mpahary. Voalohany indrindra, namorona izao tontolo rehetra izao Andriamanitra ; avy eo, nampiditra ny karazana zava-manana aina rehetra tetŷ an-tany ; ary farany, nanankina ny fitantanana izany tamin'ny olombelona, izay noforoniny, tamin'ny andro fahenina, ho lehilahy sy vehivavy. Nasehon'Andriamanitra tamin'io asa iray io ny fahendreny sy ny fitiavany : namolavola ilay lehilahy Izy, ary nahita fa tsy tsara raha irery ralehilahy, ka avy hatrany dia nomeny „vady sahaza ho azy", dia ny vehivavy (Genesisy 2. 18). Ny teny hebreo fototra nadika hoe „vady sahaza ho azy" dia midika ara-bakiteny kokoa hoe „mpanampy mifanatrika aminy", fombam-piteny manambara fa ny olona roa mivady dia iray karazana ary mifanaraka sy mifameno tsara.

Hatrany am-piandohana, ary tamin'ny fotoana rehetra, ny fikasan'Andriamanitra rehefa nampitsiry fifankatiavana tao amina lehilahy iray sy vehivavy iray, dia ny hifampizaràn'izy ireo fahasambarana azy ireo manokana, ao anaty fiombonana ara-panahy, sy ara-pitiavana, ary ara-nofo. Manasongadina izany ny tenin'ny Baiboly manorina ny fanambadiana : „Noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny ; ary dia ho nofo iray ihany ireo" (Genesisy 2. 24).

Ao anatin'io fiombonana io, ambara ampahibemaso ara-panjakana na ara-pivavahana (arakaraka ny firenena sy ny vanimpotoana), no tian'Andriamanitra hatrizay hitahiana ny mpivady sy ny ankohonana, izay mandrafitra ny fiarahamonina.

*(amin'ny heriny ny tohiny)*